# FIANGONANA LOTERANA MALAGASY

## SYNODAM-PARITANY EOROPA

## TOBY POURU SAINT-RÉMY

Miray amin'ny

## TOBILEHIBE ANKARAMALAZA

**Ary Ataovy ny trano dia hankasitrahako izany, sady hankalazaina aho, hoy Jehovah.**
Hagay 1.8b

Pouru Saint Rémy, faha 16 Septambra 2017

Ry havana,

Hampitomboina ho anareo mandrakariva anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompontsika.

Fifaliana ho anay indray no manome ny vaovao mikasika ny fanorenana ny trano ho Toby. Mba hahatafita ny hafatra tsara kokoa noho ny teo aloha dia sady alefa "mail" no alefa taratasy amin'ny paositra ireto vaovao ireto.

1. Nahatratra 194 000€ ny vola voahangona hatramin'ny fanombohana ny asa. Toy izao ny vola navoaka mahakasika izany asa izany:

- 83 000€ nividianana ny tany hanorenana ny trano ho Toby
- 9 000€ ho karaman'ny mpiara-miasa "Maître d'oeuvre", nanaovana ny "Pré-étude" sy "plan" ary "estimation" voalohany
- 500€ tapany voalohany amin'ny fanamboarana ny site web (2000€ no sisa mila efaina):

Noho izany dia mahatratra 98 500€ izao ny vola voaray amin'ny kaontin'ny Toby: 74 500€ ao amin'ny compte Epargne ary 24 000€ ao amin'ny compte chèque.

Ary 2 984€ ny voahangona ao amin'ny Credofunding.

Miandry 200 000€ an-tanana isika hanombohana ny asa fanamboarana satria 300 000€ no ilaina ho an'ny dingana voalohany, mikasika ny trano handraisana ny fotoam-bavaka isan-andro.

2. Mitohy ny tetikasa "Tarika Nehemia". Mitondra fisaorana ho antsika rehetra izay nandray anjara tamin'ny tapany voalohany, dia ny 500€ isan-tarika tamin'ny Jona sy Jolay. Tonga izao ny fotoana handrotsahana ny tapany faharoa, amin'ny ity volana septambra ity. Araka ny voalaza teo aloha dia samy mandrotsaka ny anjarany ny mpikambana tsirairay anaty tarika, ary manoratra ny anaran'ny tarika misy azy.

3. Farany dia hampitombo ny fanentanana ny vaomieran'ny fanorenana Toby Pouru satria io no lesoka voalohany nasongadin'ny "sondage" izay voaray tamin'ny Jolay tany Pouru St Remy. Izany dia ho atao amin'ny alalan'ny famangiana matetika kokoa ny isam-piangonana.

Manao veloma finaritra anareo amin'ny anaran'ny Jesosy Kristy Tompo.

Amin'ny anaran'ny Biraon'ny Komitin'ny Toby

Ny Filoha

Ny Mpitantsoratra

Ramanatsoa